# Isaky ny miditra ao amin’ny trano fivoahana ny Mpaminany (S.A.W) dia miteny hoe : “Allahomma innì ao'zho bika minal-khobthi wal-khabàiith - izay midika hoe : Allah ô, mangataka fiarovana aminao aho amin’ireo devoly lahy sy devoly vavy

Tatitra azo avy tamin'i Anas (R.A) niteny izy : Isaky ny miditra ao amin’ny trano fivoahana ny Mpaminany (S.A.W) dia miteny hoe : “Allahomma innì ao'zho bika minal-khobthi wal-khabàiith - izay midika hoe : Allah ô, mangataka fiarovana aminao aho amin’ireo devoly lahy sy devoly vavy".
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Isaky ny te-hiditra amin'ny toerana fivoahana ny Mpaminany (S.A.W) na hipiy na hamoaka maloto dia mitady fiarovana amin'Allah ary mitodi-doha amin'Allah mba hiaro azy amin'ireo faharatsian'ny devoly lahy sy vavy. Ny Khobthi sy ny Khabàith koa dia nadika ho faharatsiana sy fahalotoana.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3150